# FIDIO HO BEN'NY TANANAN'ANTANANARIVO






# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 12 novambra 2019 Laharana 978 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 166), Madagasikara 10 novambra 2019** 5

## Tsy rariny intsony 2

# Mivadika « orange » ny lokon'ny ranon'ny Jirama



## Antananarivo Renivohitra 2

# Mirona mankany amin'i Rina ny fon'ny mpifidy



SMM SY RAHARAHA FANIRISOA ERNAIVO 2

## Tsy voahaja ny zon'ny fiarovana eto Madagasikara

## Olan'ny rano 3

**Miteniteny foana ny tale jeneralin' ny ministra Lalatiana R.**


Fanahimanana Tiaray ▸ gestion des Collectivités Décentralisées à Madagascar
16 mins ·

Mba fantatrao moa fa misy Malagasy amantapitrisa mijaly jiro sy rano ao anatin'ny 365 andro?
Ny anao eto vao 12 na 30 andro dia mikaikaika izay tsy izy, ary ny anao hiverina satria hisy orana atsy ho atsy fa n'y azy na orana aza mitady toy hisy akory !



## Daka kely

Aiza zany ny dabam-pako eto Antananarivo ry Boaikely a !

## CEG Ambohimalaza 6

Misy afera maizimaizina manjaka

ANTANANARIVO RENIVOHITRA

## Mirona mankany amin'i Rina ny fon'ny mpifidy

Angaredona, tambabe, kibay ary teny ratsy sisa no tsy nivoaka. Izany ny kisary hitan'ny mponin'Antananarivo Renivohitra ampiharina amin'ny Kandidan'ny TIM, Rina Randriamasinoro amin'izao fifidianana Ben'ny Tanàna ho avy izao , ataon'ireo mpifanandrina aminy. Na eny amin'ny sehatry ny gazety, haino amananjery isan-tsokajiny na eny amin'ny tambazotra izany. Mandany vola amina miliara mihitsy ireo mpifanandrina aminy. Ampiasain'izy ireo ny vola sy fitaovana anaratsiana ity kandida heverina fa atahorany ity, ka dia atao avokoa izay fomba rehetra handotoana azy. Mety handaitra amin'ny ampahany angamba izay amin' ireo takon'ny volabe, fa ny mponin'Antananarivo kosa , efa resy lahatra fa tsy handairan'ny fampanantenana poakaty. Tokana ny safidiny, dia i Rina Randriamasinoro no Ben'ny Tanàna eto andrenivohitra. Ny fihetsika ivelany, toy ny fisehosehoana Makety, fizarana vola na zavatra etsy sy eroa ; raisin'ny olona tokoa ireny ,fa indrindra ireo mpomba ny IRD miaradia amin'ny Andry Rajoelina sy ireo mpitady seza ary mpila ranondranony, efa jamban'ny fampanofisana isan-karazany. Tsy atao mahagaga raha mivoaka avokoa ireo fitaovana raitra, vokatry ny fampiasam-bola goavana ,hambaboana ny vahoaka izay efa tena latsaka anaty fahasahiranana lalina. Ireo mpanao politika sasany aza moa voaraviravin'ny volandRampanana, ka vao mainka fa ireo olona efa nampahantraina, nanomboka hatramin'ny Tetezamita no ho mankaty? Tsy ny tsangan-kevitra izao no fifidianana ataon'ny IRD fa tsangan'olona. Ny fanontaniana apetraka dia ny hoe: rehefa lany eo àry ilay Rampanana, dia inona no ho azonao eo? Sarotra ny inoana fa olona tsy mahafantatra na inona na inona amin'ny zavatra tena ilaina sy hampandroso ny mponina eto Antananarivo Renivohitra akory no hitondra azy mandritra ny efataona eto. Sarotra amin' ny olon-droa no hiaraka, raha olona tsy mifankahafantatra, tsy mifankahalala akory no ho lasa mpivady. Tsy mety mihitsy izany . Olona tsy mahalala afa tsy ny harembe eo anivon'ny fianakaviany sy ireo mpanefoefo miaraka aminy ve no hahalala izay tena ilain'ny vahoaka? Fa Inona loatra moa no anton'ny fanenjehana ny kandida Rina Randriamasinoro, laharana faharoa ao anatin'ny bileta tokana, hoy ianao? Efa fantatra ankehitriny fa mirona mankany amin'i Rina avokoa ny fon'ny mpifidy eto an-drenivohitra. Kandida matanjaka, manana hery sy vahoaka maro ao an-damosiny ny kandida atolotry ny TIM . Olona avy any amin'ny vahoaka madinika ny tenany ary efa niasa sy hiasa hoan'izany vahoaka izany hatrany. Kandida mifanohitra tanteraka amin'ny mpiara-dia amin' ny fanjakana rahateo ny tovolahy, fa sady tanora manana traikefa, manampahaizana no tanora mahalala tsara izay tena mahasoa ny mponina. Tsy olona notoloram-potsiny tamin'ny alalan'ireo harena be nolovaina , toy ny an'ny hafa , fa mahay, mahalala ary mahafantatra tsara izay hampandroso ity Renivohitra iombonana ity i Rina .Koa sokafy amin'izay àry ny masontsika ry Iarivo, Rina N°2 sy ny mpanolotsaina TIM no vato harotsatsika ny 27 novambra ho avy izao.

***Rajaonarimpanontsana***

Tsy rariny intsony

## Mivadika « orange » ny lokon'ny ranon'ny Jirama

Vao mamaha ny robinetdranon'i Jirama dia ranom-potaka toy ny miloko volon-daoranjy na "orange" no mipoitra avy any. Izany no mitranga amin' ny fokontany maromaro no itrangan'izany eny amin'ny faritra iva. Hatezerana ny an'ny mpanjifa, fa izao angaha no nifanarahana handoavam-bola isam-bolana ? Tsia, fa rano madio fisotro no tadiavin'ny vahoaka, ary tsy tokony hijaly amin'izany velively. Raha ny fijerena ny ezaka dradradradraina atao ankehitriny dia toy ny hivaha ery ny olana amin'ity rano fisotro madio ity. Tsy izany anefa no mitranga amin'izao fotoana izao. Ankoatra ny efa tsy fahampian'ny rano vatsiany dia izao mbola misy halotoana izao ny rano avy aminy.
Tsy rano ihany, fa ny jiro ihany koa tena mahatsiravina ny mpanjifa mihitsy amin'izao fotoana izao. Isan'andro isan'andro tsy maintsy tapatapaka farafahakeliny in'enina ary tena ao amin'ny fotoana ilan'ny mpanjifa azy no tapaka lava. Ho zarina amin'ny fiainana kimaizimaizina koa ve ity vahoaka an'Antananarivo ity? Nanakianana ny fitondrana teo aloha ireo olona eo amin'ny fitondrana ankehitriny io delestazy io, izay nanome telo volana ny hahavaha izany. Iaraha-mahita tsara anefa izao, fa 11 volana aty aoriana ny naha teo amin'ny fitondrana tsy mbola mivaha ny olana amin'ny famatsiana jiro eto Antananarivo sy ny manodidina. Raha tena mahavita ary ity fitondrana Rajoelina ity dia misehoa indray manolo ny zavatra simba any amin'ny mpanjifa noho ny fahatapatapahan'izay famatsiana jiro izay. Rehefa tsy ahavita dia aza avo vava indrindra ireo mpanohana sy mpisolelaka aminy rehetra. Ny zava-droa iankinan'ny fiainam-bahoaka andro aman'alina ity no olana lehibe tsy voavaha, izay no zava-misy ankehitriny, dia aoka hiaiky ny halemena sy tsy fahombiazana. "Tsy halohalika intsony ny ranom-bary, fa efa an-tenda mihitsy ny ranon-diky", hoy ny olompirenena mpanjifa tezitra mafy.

***Soh'son***

SMM sy raharaha Fanirisoa Ernaivo

## Tsy voahaja ny zon'ny fiarovana eto Madagasikara

Ny tsy fanitsakitsahana ny zon'ny fiarovana no anton'ny fitoriana tokony hataon-dRamatoa Fanirisoa Herinaivo, entina manafoana ny fanapahan-kevitry ny CSM (Filankevitra ambonin'ny mpitsara) amin'ny fandroahana an' ity farany tsy ho mpitsara intsony sy ny fampiatoana ny tombontsoany. Io no fanambarana nataon'Andriamatoa Clément Jaona filohan'ny sendikan'ny mpitsara tetsy amin'ny lapan'ny fitsarana ambony etsy Anosy rehefa nitafa niaraka amin'ny mpanao gazety ity farany. Afaka mampiakatra fitsarana (Conseil d'Etat) Ramatoa Fanirisoa Herinaivo mitondra ny fiarovan-tenany hoy Andriamatoa Clément Jaona ary vonona hanome tolo-kevitra ny sendikan'ny mpitsara manoloana an'izany rehetra izany. Nanohy nanazava ny filohan'ny sendikan'ny mpitsara fa tsy tokony hanan-kery eo anatrehan'ny lalàna ny fanangonan-tsonia nataon'ny solombavambahoaka IRD mikasika ny fandroahana an'i Fanirisoa Ernaivo. Nanambara Ramatoa Fanirisoa Ernaivo fa nisy ambadika politika ny fanapahan-kevitra raisin'ny CSM, mikasika ny fandroahana azy tsy ho mpitsara intsony. Nanohy nanazava Ramatoa Fanirisoa Ernaivo fa tsy voahaja ny tsiambaratelon'ny fanapahan-kevitra satria tamin'ny alalan'ny kaonty "Facebook" nataon'ny CSM no nahitan-dRamatoa Fanirisoa Ernaivo ny fanapahan-kevitra fa tsy nisy fampahafantarana (notification) amin'ny fampiatoana azy amin'ny asany. Ankoatra izany dia nisy fanangonan-tsonia nataon'ny solombavambahoaka IRD, mba handroahana an-dRamatoa Fanirisoa Ernaivo ary fa-rany tsy navela niaro tena nandritra ny fanadihadiana nataon'ny CSM. Tsiahivina fa notorin'ny Ministeran'ny filaminambahoaka Ramatoa Fanirisoa tamin'ny kabary nataon'ity farany tetsy Mahamasina ny 30 Oktobra 2019 mikasika ny fanomezana rariny ny fitsaram-bahoaka nihàtra tamin'ny Polisy miisa 3 sy ny fanozonana ny Polisim-pirenena. Niakatra Codis Ramatoa Fanirisoa Ernaivo ary naaton'ny Ministeran'ny fitsarana amin'ny asany taorian'ny fampiantsoana azy ny 08 Novambra 2018 lasa teo. Tokony ho efa hiverina amin'ny asany Ramatoa Fanirisoa aorian'ny enimbolana nivoahan'ny fanapahan-kevitra nampiatoana an'ity farany tsy ho mpitsara, kanefa nangataka ny hitsabo tena any ivelany Ramatoa Fanirisoa. Miverina indray ity raharaha fampiatoana an-dRamatoa Ernaivo Fanirisoa ity taorian'ny fanehoan-kevitra nataon'ity farany mikasika ny raharaha Ambohitrimanjaka sy ny tetik'asa Tanamasoandro.

***Franck Razakambelo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fampianarana

## Aza midehaka ho zavatra rehefa mba manao kely

Ho an'iza marina no hananganana Oniversite eto amintsika ? Nanaitra ny tenin'i Andry Rajoelina tany amin'ny faritr'i Menabe ny faran'ny herinandro lasa teo raha nandeha tany ny tenany. Fandehanana izay miendrika propagandy ihany n'inona n'inona fiarovan-tenany na ireo mpiara-misôsy aminy. Anisany teny nambarany ny amin'ny hoe" maro ireo mpizahantany mandalo any amin'iny faritra iny, ka izay no anaovana vitrine oniversite…". Ny fandalovan'ny mpizahantany ve hananganana oniversite mba hisehoana hoe ahoana? Ny oniversite eto Antananarivo aza tsy mahalany sy tsy mahavaly afaka mandray ireo zana-bahoaka marobe tsy manambola mba hanohy fianarana ambony fa rehefa mahavita ny bakalorea dia hatreo ny farany. Toe-javatra iray lehibe eo amin'ny sehatry ny fampianarana eto amin'ny firenena tsy ao anaty vahaolan'ny fitondrana mihitsy na kely aza hatreto ny amin'izany nefa efa an-taonany maro no niainan'ny vahoaka. Ny antony, satria ny zanak'izy ireo tsy mianatra amin'ny sekolim-bahoaka hatrany amin'ny ambaratonga fototra, ka hatreny amin'ny Anjerimanontolo. Hany ka tsy fantany na tsy mandalo ao an-tsain'izy ireo izany. Raha tsy tenenina koa izao izany dia tsy ampitain'ireo mpanasohaso sy mpila ranondranony aminy hoe "mba ataovy izao prezidà", dia iny vao mody mihazakazaka tokoa miseho manao izany, satria tsy manana fandaharan'asa mazava sy hentitra eo amin'ity sehatry ny fampianarana ity. Porofon'izany izao niseho tato ho ato izao. Raha manana fandaharan'asa mazava mantsy tsy miandry rehefa miditra ao anaty fotoam-pianarana sy fampielezankevitra toy izao vao mizara fitaovam-pianarana toy izao sy mbola manohy manao fampanantenana isan-karazany izao. Mialohan'ny fotoam-pianarana no tokony hanao izany raha tena matotra, fa tsy efa misy fandaniam-bola ataon'ny ray aman-dreny vao mody mihazakazaka mitondra fanampiana. Nokianin'ireo mpanadihady ara-politika eto amin'ny firenena ihany koa, ohatra, ny fomba fiasa fandraisana fepetra fampidirana mpampianatra ho mpiasampanjakana tampotampoka eo toy ireny teny Anosibe ireny. Miendrika " Populisme" avokoa ny zavatra atao rehetra eto amin'izao fotoana izao noho ilay politika ara-tsosialy mandeha. Aoka koa tsy hanampim-bava izay manakiana, fa anjaran'ny mpitondra, ny fitondrana tanteraka no manao ny asa sosialy toy ny eo amin'ny sehatry ny fampianarana. Izay no ahatongavana eo amin'ny fitondrana sy ny nifidianan'ny vahoaka ary tsy noterena nankeo amin'io toerana io, ka rehefa mba manao kely dia aza miedinedina, fa ny fanapotehana ny firenena tato anatin'ny 10 taona aza ity asa na ampahafiriny kely no mba voaverina.

***Sôh'son***

TONONKALO

## Ho anareo mpikarakara fifidianana

Fifidianana maloto no ketrehina ato ho ato ?
Tena mampanahy tanteraka ny hisian`ny hala-bato !
Tsy mitovy nomerao ny "mera" sy "mpanolotsaina".
(Efa fantatra sahady ny hevi-dratsy izay kasaina !)

Nanamafy ny komity tamin`ny resaka sy tafa
Fa ny kandida irery , (tsy azo asiana sary hafa),
Izay no tokony ho afisy , (ny hafa ve manelingelina ?)
Dia ahoana ny amin`ireo hoe "miaraka amin-dRajoelina ?

Olon-tokana hatrany no tsy tiana sy atahorana ,
Ka asiana fingampingana eny an-dalana hizorana ?
Tsy ny zava-mampivoatra , tsy izany no ketrehina ,
Fa dia misy , tena misy ireo ezahina hopotehina ?

Paika ambany toy izany , izany foana ve no voizina ?
Tsy mba fanafody no entina fa vao mainka tena poizina ?
Mahakivy , mahonena raha dia olon`ny lalàna
No hanan-tsaina tena ambany sy efa tena igagàna !

Tsy "lalàna peta-toko" no hitera-pivoarana,
Fa vao mainka hampitombo ny hosoka sy fangalarana.
Fifidianana madio no andrasana eto Gasikara
Koa dia tanteraho izany , iaino ny mangarahara !

***DADAN`i ZINA (11-11-19)***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Propagandy : tsy ny patsa indray mahandro no antoky ny fampandrosoana

***Roapolo andro no fotoana entin'ireo kandidà ho ben'ny tanàna handresen-dahatra ny mpifidy handatsa-bato ho azy. Nisy ireo nanankina ny fampielezan-kevitra tamin'ny fotoam-pivavahana fa teo ihany koa ireo nanomboka tamin'ny herin'ny tenany.***

Tsapa fa vitsy ireo kandidà hifaninana ho ben'ny tanàna eto amin'ny renivohitr'i Madagasikara tamin'ity indray mitoraka ity, raha oharina tamin'ny teo aloha rehetra. Angamba, noho ny fampiakaran'ny fitondrana ny antoka izay mitentina dimy tapitrisa ariary. Na izany na tsy izany dia tanora ny efatra ampahadimin'ny kandidà izay toa midika fa tsy ilaina intsony ireo goaka antitra hitantana an'Antananarivvo. Antoko politika tsy mbola fantatra loatra ihany koa no nandrotsaka azy ireo, ka ny antoko tena azo lazaina fa teo nandritra ny taona maro nanomboka tamin'ny namerenana ny "fahaleovantena" dia tsy nandrotsaka intsony. Azo inoana anefa fa mety misy tanora mpikambana ao aminy. Ny nitovizana aloha teo amin'ny herinandro voalohany dia saika nidina tena amin'ny fokontany, indrindra eny amin'ny faritra iva ireo kandidà. Tao ny nizarazara zavatra ho an'ny mponina ho fampisehoana, angamba, fa tena mijery ny valalabemandry izy, ka mahalala ny manahirana ny vahoaka. Nisy koa ny nitakosina, ka nihinana sakafo teny amin'ireny trano fisakafoanan'ny sarambabem-bahoaka ireny. Tsara tsy misy maha ratsy izany saingy hatra'aiza ny fetran'izany, sao mantsy ka toy ny tany aloha tany ihany satria izay ve no endrika entina ilazana fa "tsy maintsy mandroso Antananarivo"? Ny kandidàm-panjakana, izany hoe ny natolotry ny antoko eo amin'ny fitondrana, dia toa manana tombony satria mirotsaka hatramin'ny filohan'ny Repoblika mihitsy, na dia an-kolaka aza izany. Hitam-poko, hitampirenena ny fizarana boky sy fizarana fitaovampianarana eny amin'ny sekolim-panjakana, amin'izao vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra izao. Eto andrenivohitra no isehoan'izany ary nilaza ihany koa ny filohan'ny Repoblika, fa tsy maintsy manao kiraro daholo ny mpianatra any amin'ny sekolim-panjakana. Ka filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ve no miresaka sa filohan'Antananarivo izay voalaza matetika fa "tsy Madagasikara". Midika fa an-kolaka ihany ny fampielezan-kevitra ho an'ny kandidà ben'ny tanàna eto Antananarivo ataon'ny mpitondra. Tsy hifidy eto Antananarivo ny any amin'ny Faritra fa hisy fiantraikany ho an'ireo kandidàm-panjakana any izany. Torak'izany koa ny famoahana gadra teny Antanimora. Tsara izany fihetsika izany ary ao anatin'ny fahefan'ny Filohan'ny Repoblika izany saingy, diso fotoana satria tsy tokony ho eto Antananarivo ihany no hanaovana izany, indrindra amin'ny fotoana fanaovana fampielezankevitra toy izao. "Tsy maintsy mandroso Antananarivo" satria azo antoka fa homen'ny fitondrana ny kandidàny, raha lany, ireny vola (subventions) tokony ho nomeny ny kaominina ireny, kanefa nogejain'ny fitondrana nandritra ny fotoana nitantanan'ny ben'ny tanàna, Ravalomanana Lalao. Misy toe-javatra mahagaga ihany koa eo amin'ny sehatra politika, angamba, efa hatramin'izay satria efa malaza ratsy loatra ireo antsoina hoe "mpamadika palitao". Ny tsapa dia tsy manana fanetren-tena ny politisiana gasy ka ny ao an-tsainy dia tsy misy afa tsy "seza, fahefana, voninahitra". Rehefa nesorina tamin'ny toerany izy ireny dia tsy mahamenatra azy ny mihatsampy any amin'izay neverina ho "mpifaninana" (fahavalo eo amin'ny sehatra politika). Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva anefa fa efa "may" (brûlés) izy ireny ka tsy hisy hatoky azy intsony amin'ny ho avy. Azo inoana koa anefa fa na ireo olona tohanany ankehitriny aza dia tsy hahatoky azy satria ny "mpamadika" dia tsy azo antoka na oviana na oviana. Raha maharitra izay heverina ho fanilihana dia matoky fa ho tsapan'ny mpiaradia ihany, any aoriana any, fa nanana ny marina ny tena, ka tsy ny fivarotan-tena na ny fivarinan-davo velively no hampisongadina indray ny tena. "Tano mafy izay ananana, mba tsy hisy haka ny satroboninahitrao".

***Andry Tsiavalona***

FIHENAN'NY TAHA-PAHAVITRIHAN'NY MPIFIDY

# Misy kandidà diso fijery

Tsy mbola nisy fitontongan'ny taha-pahavitrihan' ny mpifidy raha tsy taorian'ny fifidianana filoham-pirenena teto amin' ny firenena natao tamin'ny volana desambra 2018 iny. Nitohy izany tamin'ny fifidianana solombavambahoaka izay vao mainka niharatsy ny tahapahavitrihana izay tsy mbola nisy hatramin'izay. Inona no antony nahatonga izany ? Avy dia lazaina tsotra izao fa diso ny fijerin'ny kandidà sasany izay te-hiavaka amin'ny hafa, ka sahy milaza fa antony avy amin' ireo antoko roa mpifaninana hatrany efa hatramin'ny ela no nahatonga izany. Raha tena mijery mahitsy, dia tsy hanambara izany fijery izany. Ny antony mazava tsy azo lavina dia noho ny fikarakarana fifidianana sy ny fanatanterahana azy ary voka-pifidianana. Tsy misy afaka handà izany, ary io no tena nahakivy sy vao mainka nampihena ny taha-pahavitrihan'ny mpifidy. Niaraha-nahita sy nahalala tsara ny halabato sy paipaika ratsy samihafa nitranga tao anatin'izany fifidianana izany. Tsy namaly ny tokony ho safidin'ny vahoaka marina no nitranga. Ny vahoaka tsy adala na zazabodo akory tsy mahita ireny. Io aloha no antony voalohany lehibe indrindra nampihena io taha-pahavitrihan'ny mpifidy io, fa tsy iry fijerina kandidà sasany iry. Minia mikimpy izy angamba manoloana izany. Tsy diso fotsiny fa azo lazaina mihitsy fa tena mitady hamilivily na hanova ny tantaram-pirenena izany. Hipetraka sy ho voarakitra ho tantara anefa ireny sehon'ny fifidianana in-droa nisesy teo ireny, ary voarakitra ao anatin'izany ny nataon'ny teo anivon'ny Ceni sy ny Hcc. Ny vokatr'izany dia ny tsy fifampitokisana intsony rehefa misy ny fifidianana. Ny tsy iverenan'ny toy izany intsony no tokony hialàna, ary tsy ampy intsony ny fanazavana sy fanomezan-toky ataon'ny Ceni raha ny fahitana ny raharaha, izay no tena olana. Mampanahy be ihany ny kandidà manana fijery mivilana toy izany.

***Sôh'son***

Anosibe zaivola

# Maty tapaka lalan-drà noho ny tetikasa Tana-Masoandro i Dada Roger

Voalevina ny sabotsy lasa teo ilay raim-pianakaviana maty vokatry ny poa-basy teny Anosibe Zaivola tamin'ny volana oktobra lasa teo mahakasika ny raharaha Tana-Masoandro, ka nahatonga azy ho tapaka lalandrà. Ary rehefa notsaboina sy nialana nenina teny amin'ny toeram-pitsaboana dia tsy tana fa nodimandry i Dada Roger ny alarobia teo. Araka ny nambaran'ny fianakaviana dia nangina aloha izy ireo, fa satria efa lasa dada, hoy izy ireo, dia hiteny amin'izay izahay, satria marary tsy zaka izany. Ankoatr'izay koa dia nilaza ireo mponina voakasika amin'ity tetikasa ity, fa na inona na inona fanapahan-kevitry ny fanjakana dia tsy hanaiky na oviana na oviana ny hanotofana ny tanimbary sy hamindrana toerana azy ireo, ireo tantsaha eny Ambohitrimanjaka sy ireo kaominina manodidina, na dia misy aza ny ramatahora sy fanerena ankolaka ataon'ny fanjakana, ny hoe "hosamborina izay tsy manaiky eo". Ny sabotsy teo no nanao fotoam-bavaka iraisam-pinoana izy ireo tao amin'ny kianjan'Anelotsara.

***RaEva***



*Ny sasany amin'ny taranak'i Dada Roger.*

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*I Korintiana 1:26*

*Fa hevero ny fiantsoana anareo, ry rahalahy, fa tsy firy no olon-kendry araka ny nofo, tsy firy no olona mahery, tsy firy no avo razana;"*

facebook NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Olan'ny rano : miteniteny foana ny tale jeneralin'ny ministra Lalatiana R.

**Fah Andriamanarivo :** tsy dia fombako loatra ny misintona lakolosy sy be resaka ami'ity raharaha ity. SAINGY.Tompoko ô, aoka mba ho mendrika ny andraikitra nankinina aminareo ny fomba firesakareo sy ny fanaovanareo serasera. Tomponandraikitra ambony ao anatin'ny serasera rahateo ianareo no manao valin-teny toa izao.

Ho anay bado sy tsy nianatra kosa tompoko dia "BORAINGINA" no azo anasokajiana izao karazana valin-teny izao. Asa re, lalan-tsaina toa inona loatra no azo hanamarinana ny fomba fijerina tomponandraikitra toa izao ? Am-panajana tanteraka tompoko !

**Randrianaivo Geremioh :** miteniteny foana mihitsy ity DG-Comm ity, tale jeneralin'

**Ronhald Rakotomalala :** nivellement par le bas. Dia iva famakafakana zavatra izy raha izany no mba Dg-comm, tsy mahagaga raha anisan'ny ministera tsy mamely ny ministeran'i Lalatiana Rakotondrazafy.

**Francis Nj Randrianarisoa :** looza, toa ohatry ny valintenina T5 marina !

**Doc Metaly :** mba disodiso kely koa ndraindray eh!

**Fah Andriamanarivo :** eny rahalahy, dia mba manitsinitsy kely koa indraindray.

**Tovonanahary Rasolofoharivelo :** ka mila atao mitovy amin'ireo izay sokajin'olona tsy mahazo jiro ve izany ireo vitsy an'isa mba efa afaka mahazo jiro sy rano?

Raha ny fandrosoana, dia ireo mbola tsy manana jiro no tokony hatao izay hahafahany mahazo jiro... mba hisitraka fandrosoana daholo ny malagasy.…

**Manohiarivony Rivo :** aza ampandoavina jiro izahay dia tsy himenomenona e!

**Missy Adrian :** ny fahefana ve no mampiteniteny foana SA miteniteny foana Izay Mahazo fahefana? Raha izao no mitohy, tsy ho tonga 2023 izany ity fitondrana Rajoelina ity. Toa olona tsy mahafehy ny asany no apetraka amin'ny toerana fa toa apetrapetraka fahatany.

Seces Antananarivo

# Mitohy ny fitokonana, tsy azo ekena ny fanaovana tsinontsinona ny fitakiana

Tsy azo ekena ny fanaovana ambin-javatra ny famahana ny olan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, hoy i Profesora Ravelonirina Samy Gregoire filohan'ny Seces sampana Antananarivo. Tsy mbola misy vokatra azo tsapain-tanàna hatreto hoy ihany ny filohan'ny Seces ity, indrindra amin'ny fanatanterahana ny lalàna laharana 1995-023 tamin'ny 06/09/95 sy ny laharana 2003-008 tamin'ny 05/09/03 ao anatin'izany ny tsy fandefasana ny antotan-taratasy mitazona am-perin'asa ny mpampianatra mpikaroka aorian'ny 60 taona, ny tsy fandoavana ny tambin-karama taom-pianarana 2016-2018 ho an'ny mpampianatra mpikaroka misotro ronono. Tsy azo ekena ihany koa hoy i Profesora Samy Gregoire ny endrika fanapotehana mivantana sy ankolaka ny tontolon'ny Oniversite sy ireo toeram-pikarohana nasionaly eto Madagasikara, indrindra ny fampiharana ny rafitra LMD. Mbola mitohy ny fitokonana ataon'ny Seces amin'ny fampiatoana ny fampianarana eny amin'ny Oniversite Antananarivo ary nanatevin-daharana an'ity hetsika fitokonana ity ihany koa ny Oniversiten'i Toliara. Marihina fa ny fanatanterahana ny zavatra tapaka nandritra ny fifampidinihana niarahana tamin'ny Praiminisitra lehiben'ny Governemanta sy ny Ministeran'ny vola sy ny Ministeran'ny fampianarana ambony, Seces Antananarivo sy ny Seces Toliara no tokony ho tanterahana hoy izy ireo.

***Franck Razakambelo***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny kandidà Rina, N°2, teny amin'ny Boriborintany faha-2, Ampamantanana sy Ambohitsoa.

















Ny kandidà Rina nanatrika ny famaranana baolina kitra teny Tsarahonenana.






# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 166), Madagasikara 10 novambra 2019

***Matio 22: 29 "Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mahadiso hevitra anareo ny tsi-fahafantaranareo ny Soratra Masina na ny herin' i JEHOVAH."*** Ry Fiangonana, ry mpanao asa fanompoana, ry mpitondra hafatra sy iraka, ry mpitaona mpanota sy mpanangana irany, ry mpitaiza sy mpikolokolo, mpikarakara, mpampianatra ara-panahy rehetra, ry mpanankato isan-tokony avy, ry ray amandreny sy zanaka maro, ry tsirairay tsy ankanavaka manana anjara asam- pirenena, mpitondra, mpitantana, mpikarakara, mpampianatra, mpanao fikarohana, ry mpandalina, ry manana adidy sy anadraikitra maro, ry loholona sy mpandrafitra isan-tokony, IZAHO JEHOVAH izao miteny aminareo manokana izao, mivantana, araka ny zava-misy. Maninona moa AHO no milaza zava-miafina satria tsy mahalala hianareo. Mbola fitiavana izany mba hananareo fanantenana ny amin' ny farany. Tsy misy afa-tsy io Iosifera voalaza aminareo io, io ihany no fahavalonareo, fahavalontsika miaraka. Mbola maro ireo anarana homena anareo indrindra fa ny programany, fivoriana izay nataony tamin' ny taona 2012, izany dia fanapotehana ny tany sy izay ao aminy, tahaka ny toa mora, toa tsotra, tahaka ny mety, azo atao tsara, no tian' izy ireo hatao ary hianareo olombelona ihany no fitaovany amin' izany. Ka raha tsy fantatrareo izay tiany hatao dia potika sy maty antoka hianareo indrindra fa hianareo izay manao ny asako dia tokony hahafantatra zava-miafina. Mila fanafahana na dia io firenenareo io aza. Noho izany, mila fanampiana avy AMIKO hianareo fa tsy fantatrareo akory na dia ny anaran' ireo fanahy ratsy irahin' i Iosifera hanimba sy hikapa ny tany aza. Aza hadino fa ady anie ny fiainanareo zanak' olombelona. Efa tafidina eo aminareo ny ratsy. ***Apokalypsy 12: 12*** *"Ary noho izany mifalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina ! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, Satria fantany fa kely sisa ny androny."* Ka aza manaiky azy, aza mety ho babony, aza mino ny teniny, izay lazainy, aza manome alalana azy akory na manao ny asany na mandray izay azy aza. Rehefa tonga eo aminao ity programan' i Iosifera izay fivoriam-be nataony farany ity tonga dia mandraisa fanapahan-kevitra haingana ianao hanompo an' i JESOSY fa i Iosifera anie ka maniraka fanahy ratsy eny amin' ny rivotra, eny amin' ny tontolo misy anareo olombelona eny ary izany dia amin' ny sehatra isan-karazany any anaty rano, eny an-tsaha, an-dohasaha, an-dranomasina, an-davabato sy any anaty tany, an-tendrombohitra sy eny an-kavoana rehetra eny na dia any anaty afo aza, indrindra moa fa any anatin' ny olona izay sarotra aminareo ny manavaka hoe fanahy ratsy sa FANAHY MASINA no ato anatin' ity olona ity satria i Iodsifera dia maka tahaka mandrakariva. Izay ataoko ihany no alainy tahaka ka dia apetrany amin' ny fifaninanana. Ao AMIKO JEHOVAH tsy misy fifaninanana. Fa ny AHY dia miara-mandroso, miara-mitsangana, miara-mandeha, miara-mandroso, miaramihazakazaka tsy mifandao, tsy mifanameloka, kanefa kosa miara-tonga ao AMIKO JEHOVAH tsy misy fifaninanana. Ny fahatongavana ao amin' ny FANJAKANO no zava-dehibe fa efa miandry ao ilay Mpanjaka: JESOSY izany. Miaramanao ny sitrapony. Ry mpihaino o! Ry mpamaky o! ***Jakoba 4: 7*** *"Ka dia maneke AHY JEHOVAH ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy."* Azo toherina tsara , azo atao ny tsy manaiky azy indrindra raha fantatrao ny programany. Tandremo fa manomboka tamin' ny taona 2012 dia efa nanomana ny marikany izy ka dia izay azony, tratrany amin' izany dia azy, ***Apokalypsy 13: 16-18*** *"Ary ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, na ny manan-karena na ny malahelo, na ny tsy andevo na ny andevo, dia ampandraisiny marika eo amin'ny tànany ankavanana na eo amin'ny handriny avokoa, mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika, dia ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena. Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibi-dia, fa fanisan'olona izany; ary enina amby enim-polo amby enin-jato no isany."* Ka aoka hitandrina hianareo fa izay eo aminareo, izay ananareo no idirany, andratoany sy andavoany ary ampanekeny anareo fa tsara izy, mendrika izay avy aminy. Tsia diso izany, tsia laingа izany, tsia tsy marina izany. Hoy AHO JEHOVAH aminareo manao hoe: JESOSY ihany no vahaolan' ny tany sy izay eo aminy izay vao hilamina izao tontolo izao. Indro hikorontana ambony ambany ny firenena maro, tsy hanaiky ny zava-misy amin' izay firenena izany intsony ny vahoakany, hanohitra, hiady, tsy hanaiky lembenana, te-hiova, te-hiaina amin' ny fiadanana, te hahita zava-baovao. Ry zanak' olombelona, ***Jeremia 29: 11*** *"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."* Hafatro JEHOVAH ho an' izay monina ambany masoandro, ady no misy, ady ara-panahy, ady tsy hita maso fa aoka handresy. Ho tonga anie ny FANJAKAKO hiadanan' izao tontolo izao.

Soratako ny Teniko, natokako ny peniko.

Soratra Masina, hafatra sy hasina.

Avy aty ambony, hanasitrana hampitony,

Aiza ianao ry olombelona, fa sakafo mahavelona,

Izay aloaky ny vavako, tianao? Hainao?

Raha maharitra ianao dia ho hitanao ny tavako,

Mandra-pihaona ry olombelona o!

Mandra-pihaona vetivety, raha toa ianao ka mety.

Hanaiky ka hiaky,

Fa IZAHO JEHOVAH no Alfa mbola IZAHO no Omega,

JESOSY izao no FANJAKANA, atolotro AZY ny Fahefana,

Raiso IZY ho fiainanao dia ho fantatrao izay atao

Ny FANAHY MASINA irery no nirahiko mba hijery,

Hamantatra anao ka aza atao kilalao, Ireto hafatra ho anao,

Misaotra mandra-pihaona, raha maharitra ianao dia hihaona, AMINAY aty ambony

Misaotra ianao ve mba taitra? Amin' izao teny tsy misy haitraitra.

Teny Marina, Teny Masina, Teny miavaka, Tenin' ny Lanitra

Hafatra manokana ekeo ihany ry zanak' olombelona o!

Fa ho rava anie ny tany, ka alohan' izany mba fantaro ihany,

Mandra-pihaona, hiady isika

JESOSY no Kapiteny ka aza mandeha irery

Aleloia, vonona ve ry olombelona o!

Mbola eo aminareo IZAHAY, aza matahotra na miahotra

Fa izay sahy sy kinga no omena ny ampinga.

Amen!

Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BASKET-BALL 3X3 ANY OUGANDA

# Tafakatra hiady ny medaly alimo ny ekipam-pirenena Malagasy

Tafakatra hiady ny laharana faha-3, hahazoana ny medaly alimo ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny fanatanjahantena basket-ball 3 x 3, na ny basket lalaovin'ny olona 3, atao any Ouganda amin'izao fotoana. Teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana, Egypte nandresy an'i Madagasikara tamin'ny isa 21 no ho 11, teo amin'ny lalao ampahefadalana kosa, Madagasikara nampiondrika an'i Botswana tamin'ny isa 13 no ho 10. Manana ny maha-izy azy ny Malagasy amin'ity basket-ball 3 x 3 ity, ka heverina fa hahazo medaly amin'izao fiadiana ny amboaran'I Afrika amin'ity taranjam-panatanjahantena ity izao.

**Lita**



***Ireo mandrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny basket-ball 3 x 3.***

## ORTANA

# Fanatanjahantena sy fizahantany ny sabotsy izao eny Ambohidrabiby sy Ambohimanga

Hitohy ny sabotsy 16 novambra izao indray ny fanatanjahantena laroina fizahantany karakarain'ny ORTANA, na ny ofisim-paritry ny fizahantany amin'ny faritra Analamanga. Ny sabotsy izao dia miainga eny Ambohitrabiby ka hatreny Ambohimanga ny lalana halehan'ireo mpandray anjara, izany hoe eny amin' ny ivon'Avaradrano no hanatanterahana izay Randonnée, na fizahantany laroina fanatanjahantena dia an-tongotra izay. 7,5 km ny halaviran-dalana halana amin'izany ary tokony ho vitaina eo amin'ny ora 2 sy sasany eo. Mahaliana ity indray mitoraka ity, satria hampifandray ny tendrombohitr'i Rabiby, nanjakan'ny mpanjaka Ralambo (1575-1610), nahatonga ny anarana hoe:"Imerina", izany hoe ireo olona monina amin'ny toerana avo, sy ny tendrombohitra Ambohimanga, nanjakan'ny mpanjaka Andrianampoinimerina (1787-1810).

**Aly**

# Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy laisoa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananas y angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fomba natoraly fandevonana appendicite

Fomba natoraly fandevonana appendicite no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny zavatra atao amin'izany:


1-Tantely afangaro amin'ny vinaigre fotsy na mena.

Atao mitovy fatra: ohatra tantely 1vera sy vinaigre 1vera dia atambatra izy roa, ka azo tehirizina amin'ny toerana tsy azon'ny hafanana, mandevona appendice. 3 sotro fihinana isan' andro , izany hoe 1 maraina ,1 antoandro, 1 hariva alohan'ny hisakafo. mandritra ny 5 andro.

2-Ratin'akondro ( vatan'akondro ) : ilay amonosana fitsa dia azo sotroina mandevona appendice haingana., tanehina amin'ny rano 1L, sotroina mandritra ny tontolon'ny andro iny 1L iny , mandritra ny 5 andro.

3-fakantsilo fakany : afangaro amin'ny ravina mokonazy , - taho fakany 2 kely sy ravina mokonazy eran'ny tanana , ary rano 1L tenehina10min miaraka ireo, dia sotroina in-3 isan' andro, izany hoe zaraina 3 ilay rano 1L dia sotroina maraina- atoandro ary hariva.

- ny ahafantarana ny appendicite dia misy manaintaina be tena manaintaina, ao amin'ny ila-kibo ambany, no sady mitady hanavy be ianao, no te handoa , somary ampiakarina aforitra ny lohalika izay tandrify ilay faritra marary, ka heno fa misy manaintaina ny ilakibo ambany dia appendicite izy izay.



# NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Anjiabe Ambony, distrikan'Ambilobe, faritra Diana

Ny tanànan'Anjiabe Ambony, distrikan'Ambilobe, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 10 m monja ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Vokatra amin'ity kaominina ity ny vary, ny fary ary ny landihazo na hasy.



A.N.S Ampefiloha

# Tontosa ny fanofanana ny tanora ho mpitarika matihanina amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena

Tanora sangany eo amin'ny fanatanjahantena miisa 60 avy amin'ny faritra Analamanga,ny faritra Itasy,ny faritra Bongolava no niatrika fiofanana ho mpitarika sy mpandrindra mahay ary ho mpandraharaha matihanina eo amin' ny taranjam-panatanjahantena misy azy ireo tsirairay. Fanofanana andiany faharoa nokarakarain'ny A.N.S (Académie National des Sports), miara-miasa amin'ny Ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, tohanan'ny Masoivoho Frantsay, izay nanomboka ny 04 Novambra 2019, ka hatramin'ny 08 Novambra 2019 lasa teo. Ny famolavolana ny tanora mba hivoatra sy hahaleotena amin'ny taranja misy azy, ka afaka mamorona asa no tanjona amin'ny fiofanana hoy Andriamatoa Josso Tiana Tahiriniaina Angelos tompon'andraikitra iray ao amin'ny Ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena. Nanohy nanazava ity tompon'andraikitra ity, fa mbola betsaka ny tsena azo trandrahana eo amin' ny tontolon'ny fanatanjahantena, ao anatin'izany ohatra ny famoronana fitaovana ilaina amin'ny fanatanjahantena, ny fanganana toerana fandraisana ny mpanao fanatanjahantena, ny fanamboarana sakafo ara-pahasalamana sy ny sisa... Nilaza Ramatoakely Lilie mpisehatra amin'ny taranja « Volley Ball », fa nahitana fiovana fahalalana mikasika ny fitondrana ny fanatanjahantena ny fiofanana natao nandritra ny 5 andro. Ny fampiroboroboana ny serasera miaraka amin'ny fitsipi-panatanjahantena hafa sy ny fampifandraisana ny samy mpanao fanatanjahantena no lesona azon-dRamatoakely Rasoanambinina Mamy Augustine misehatra amin'ny taranja Hand Ball nandritra ny fiofanana natao. Marihina fa misitraka an'ity fiofanana ity ihany koa ny tanora avy any amin'ny faritra Boeny, ny faritra Betsiboka, ny faritra Sofia, ny faritra Atsinanana, ny faritra Analanjirofo ; ny faritra Alaotra Mangoro, izay ho tanterahina any amin'ny Renivohi-paritany tsirairay.



*Ireo tanora nisitraka fiofanana tetsy amin'ny ANS Ampefiloha.*

**Franck Razakambelo**

Fampianarana

# Misy afera maizimaizina manjaka ao amin'ny CEG Ambohimalaza

Nanomboka tamin'ny volana jona iny dia nahita faisana ny mpiambina amin'ny andro alina, ny CEG eny Ambohimalaza Avaradrano, noho ny fanodinkodinana sy antsojay ary fanaparam-pahefana tafahoatra nataon'ny tale sy ny lehiben'ny Fram ary mpiray tsikombakomba aminy, mahakasika ireo fitaovana marobe voahodinkodina. Niezaka ity mpiandry sekoly ity, ny niantso ny gazety, ka nanome fanazavana sy nampiseho porofo ara-taratasy sy antsary mazava nanao hoe: alain-dRamatoa tale sy ny mpiray dia aminy amin'ny fomba maizina avokoa ny fananana, ny vola sy fitaovana hafa, nefa dia ilay mpiambina hatrany no nolazainy fa namoaka ireo zavatra very, ka asainy manolo izany amin'ny karamany, rehefa avy nanaovany taratasy tsotra teny amin'ny zandarimaria teny an-toerana. Voamarina anefa taty aoriana, fa betsaka ny ratsy nataon-dRamatoa tale, ka nahatonga io mpiambina io tsy nisalasala nanatona ny "inspection de travail", ny "chef Cisco Avaradrano", ny tompon'andraikitra eny Ambohitsorohitra, ny lehiben'ny zandarimaria eny an-toerana, nampiseho azy ireo ny sary mazava tamin'ny entana (fanomezana tamin'ny Prince de Monaco, Fondation Orange,...), sy sary tamin'ny vono nataon'ireo iraky ny tale ity mpiambina ity, miampy ireo taratasy fandroahana sy tsy fanomezana karama nanomboka ny volana septambra teo, natao porofo niaraka amin'ireo ray aman-drenin'ny mpianatra marobe nanao sonia, izay manohana sy mankasitraka ity mpiambina tratra ny antsojay sy ny endrikendrika ity. Raha fintinina dia tian'ilay tale esorina amin'ny asany io rangahy mpiambina io, satria nahita ny halatra sy ny tsy rariny nataon'izy ireo, nanomboka tamin'ny volana jona teo, fotoana nandimbiasany ny tale teo aloha, lasa nisotro ronono, nefa havany ihany koa, ka efa nahazoana vaovao ratsy nandritra ny famindrampahefana teo amin-dry zareo ireo.

**Beharo**

Finoana

# Hotokanana ny trano fiangonana Fjkm Ankijanomadiro Mampikony

Vita soa aman-tsara ny fanorenana ny Trano Fiangonana ao amin'ny Fokontany Ankijanimadiro ao anatin'ny Fitandremana Mampikony, Synodamparitany Sofia Andrefana. 7km miala mianavaratra andrefana eo Mampikony no misy azy. Fiaraha-miasa tamin'ny Sa-AFF Fitandremana Tranovato Rasalama Martiora Ambohipotsy no nahazoana izao vokatra izao. Ny Tafika Masina « olona » aloha, izany hoe ny Fitoriana ny Filazantsara hitaomana ireo mponina tao ho an'i Jesoa Kristy no nezahana nandritra ny roa taona, ary rehefa nahazo olona 50 teo ho eo ho an'ny Tompo, vao nanorina ny trano, nanomboka ny septambra 2018.

12m x 6m no haben'ny trano ary misy tilikambo. 20 tapitrisa ariary mahery no teti-bidin'ny trano ary herintaona no namitana izany. Nisy ny ezaka nataon'ny tany an-toerana ary teo koa ireo fanomezana sy tetibola efa natokan'ny Fitandremana RM Ambohipotsy namitana izany.

Ny alahady 17 novambra 2019 izao no hitokanana izany ary hiarahana amin'ny Synodamparitany Sofia Andrefana sy ny Fitandremana Mampikony. Ny avy ao Ambohipotsy kosa dia hisy Kristiana 50 mahery eo koa hotarihin'ny Mpitandrina mivady Ramanantsoa A. Tiana Dani. Ny sabotsy no fanokafana ny fotoana ary mbola hisy ny Tafika Masina sy fanentanana eo an-tanàna. Hofaranana amin'ny fiaraha-mandray ny Fanasan'ny Tompo sy ny fiaraha-misakafo ny fotoana ny Alahady. Marihina fa mifanitsy indrindra amin'ny tsingerin-taona faha-151 niorenan'ny Tranovato Rasalama Martiora io daty io koa dia nofidiana ny teny faneva hoe « … ary aoka ny tany rehetra ho henika ny voninahiny. Amen dia Amen. » Sal.72 :19b

Hotanana ho fomba fiasa sady mbola hohatsaraina izao natao izao. Ho voninahitr'Andriamanitra.

**Nangonin'i Aris**

Rezimanta Andry sy Tohana

# Nahazo kianja basket-ball, tsipy kanetibe ary mitabe

Notokanana ny faran'ny herinandro teo tetsy Ampahibe ny kianja fanaovam-baolina sy kanetibe ary ny mitabe izay ao amin'ny Rezimanta ny Andry sy Tohana, izay ny Ofisy miaramila misahana fanatanjahantena sy kolontsaina eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena no nikarakara azy, tarihin'i Jeneraly Jaositera Rolando. Ny lanonana dia natrehan'ny Amiraly Ranaivoseheno Anthoine de Padoue, Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, teo ihany koa ny Jeneraly Lehiben'ny Etamazaoro Jeneraly ny Tafika Malagasy ary ireo manamboninahitra Jeneraly sy manamboninahitra maromaro eo anivon'ny Tafika. Ity kianja ity dia an'ny Rezimantan'ny Andry sy Tohana RAS fa ny Minisitera kosa no niandraikitra ny fanamboarana sy niantoka ny lany rehetra, ka tafiditra tamin'izany koa ny fanavaozana ny lokon'ny kianjan'ny basket sy ny volley an'ny 1er RG. Naneho fisaorana ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Richard Rakotonirina, ny mpahazo tombontsoa, izay toy ny Ray aman-dreny hoy izy ireo satria miahy sy manohana ny fanatanjahantena eo anivon'ny Minisitera.

**Stefa**



*Kianja anisan'ny notokanana teny Ampahibe ny faran'ny herinandro teo.*

COSFA

# Notolorana mari-pankasitrahana ireo mpilalao mendrika

Notontosaina nandritra ny fitokanana ny kianja navaozina tetsy Ampahibe ny faran'ny herinandro teo ihany koa, ny fanolorana amboara sy mari-pankasitrahana an'ireo mpilalao mendrika amin'ireo taranja 17 misy ao amin'ny COSFA, na Klioba ny Foloalindahy eo amin'ny taranjam-panatanjahantena samy hafa, ireo mpilalao ireo, izay nitondra vokatra tsara ary medaly ho an'i Madagasikara tamin'ireo fifaninanana maro, na ny teto antoerana na ny tany ivelany. Ireo dia ahitana miaramila, zandary ary sivily mandrafitra ireo mpilalao, nahitana ny tompondaka ary nahazo medaly volamena teo amin'ny taranja : tennis; tompondaka lefitra teo amin'ny taranja « foot veteran » sy "super veteran" ary resy teo amin'ny manasa-dalana kosa ny volley, ny basket vehivavy ary ny petanque doublette. Mbola nanamafy ny fisaorana sy fankasitrahana ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena ny talen'ny Ofisy miaramila misahana fanatanjahantena sy kolontsaina tamin'izany, satria izy no angady nananana sy vy nahazoana izao vokatra tsara izao.

**Lita**



*Ireo mpilalao nahazo mari-pankasitrahana ao anivon'ny COSFA.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**9/11/19 hatramin'ny 16/11/19**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) Tel 020 22 355 09 / 020 24 334 86 / 033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) Tel 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) Tel. 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) Tel 020 22 255 51
- **67HA** (Face Eglise Luthérienne) Tel 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 978-11-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MPAMATSY VOLA IRAISAM-PIRENENA

# Fialana amin'ny fiankinan-doha aminy no anisan'ny vahaolan'ny fampandrosoana

Miara-miaiky ireo firenena afrikana niara-nikaon-doha andro vitsy lasa izay fa mila manapa-kevitra hentitra amin'ny fibanjinana ny hoavy eo amin'ny lafiny toekarena. Anisan'ny tolo-kevitra lehibe ny amin'ny fialana amin'ny fiankinan-doha amin'ireo mpamatsy vola iraisampirenena toy ny Banky iraisam-pirenena, fa ambony dia ambony loatra ny tahan'ny zanabola takiany. Ny vahaolana dia ny fanaovana latsakemboka isaky ny firenena harotsaka ho tahiry iombonana ho fanohanana ny toekaren'ny firenena mila izany. Ny tanjona dia hanana toekarena matanjaka ny firenena Afrikana afaka 40 taona eo. Tanjona mbola iray heverina fa lavitr'ezaka izany kanefa manintona ny saina ihany ny amin'ny fahitana ny fahatsapan'ny firenena afrikana hiezaka tsy kaontinanta taraiky lava izao. Izy tokoa no kaontinanta iray amin'ireo dimy eto amin'ity planeta tany ity taraiky indrindra ianjadian'izao olana maro samihafa rehetra izao ary lohany amin'izany ny fahantrana. Nandray anjara tamin'izao fikaonan-doha izao ny solontena Malagasy ka inoana fa hanitsy ny politikany ny fitondrana ankehitriny. Ny fitondrana Rajoelina mantsy vao nandray ny fitondrana dia ny Banky iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola iraisam-pirenena no nihazakazahana. Mazava loatra fa vao nitondra firenena nankany amin'ny famatorana na fanagejana mihitsy ny toekarem-pirenena izany. Na dia hoe nanaiky hanome fanampiana ara-bola aza izy ireo. Ny hita ihany koa dia afenimpenin'ny fitondrana mandrakariva ity tahan'ny zanabola ambony io, fa ny atao angoan-tenda atao ho ren-tany ren-danitra dia hoe nahazo vola ny fitondrana. Toa izany no mahamaika ny fitondrana mafy, fa ny ambadika tsy lazaina. Nahoana no firenen-kafa no sahy mamaky bantsilana izany fa tsy ity fitondrana nambara ho manana fahasahiana ity? Tsy isalasalana fa ireo firenena afrikana hafa dia hihazakazaka tokoa manomboka izao ho amin'ny fanatrarany io tanjona io, ka hanana maha izy azy aoriana. Isika kosa raha variana amin'ny kajikajy politika tsy mahomby lava eto sy ny tsy fihainoana na fanilihana mihitsy ny mpanohitra, fa mihevi-tena ho mahavita samirery ary ny azy ihany no marina sy mety,dia ho taraiky sy ho gisitra eto isika. Ny mpanohitra izay mba manankevitra tsara ihany amin' ny fampandrosoana ity firenena ity nefa ratsy fijery azy hatrany ny fitondrana sy ny mpanohana azy. Hadisoana amin'ny fitantanam-pirenena izany ary fijery efa lany andro raha hoe tena hikatsaka fandrosoana marina.

***Soh'son***

Fifamoivoizana

# Simba tsy misy fanamboarana ny RN22 mihazo an'i Vavatenina

Simba tsy misy fanamboarana amin'izao fotoana ny lalampirenena faha-22 (RN22) mampitohy an'i Mahambo sy Vavatenina, any amin'ny faritra Analanjirofo iny. Noho izay antony izay, velon-taraina ireo vahoaka sy ny olomboafidy, na solombavambahoaka any Vavatenina, fa mihamaratsy hatrany ny lalana vita tara amin'ny RN22 iny, ka manao antso avo izy ireo sy ny solombavambahoaka Mamy Aurelien, manao antso amin'ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy, mba hijeren'ny fitondrampanjakana izany lalana izany ny any an-toerana. Betsaka ny vokatra, mananosarotra anefa ny famoahana izany, noho ny faharatsian-dalana. Sady be vokatra Vavatenina, no mahasarika mpizahatany ihany koa ankehitriny, vao tsy ela no nanaovana ny Festival Jerijery tany antoerana, nefa mamparisarisa ny olona mandeha mankany io faharatsiandalana io, ka tokony ho jerena akaiky.




*Ny fahasimban'ny lalana any Vavatenina.*

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 300**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0299)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Santatra | - Tatitra | - Sokatra | - Tia |
| - Omeo | - Ony – Ko | - Amina | - Tanor(a) |
| - Kintana | - Aia – Zoma (Miv) | - Nenitoa | - Asako |
| - anio – Osy | | - Totoin(a) | - As – Zo (Miv) |

## TENY MIFANARAKA N° 300




**Mitsivalana**

**1.** Firaisam-pianakaviana **2.** Trano fiantohana – Mpanondro **3.** Loka – Ao amin'ny teny **4.** Nitolona (BR) – Asio fonony (BL) **5.** Faritra **6.** Vizana – Fahita lavitra **7.** Aorianao **8.** Tompon'ny sambo fiara – Tsy lavitra **9.** Malaina – Mampisafidy **10.** Hitarafako (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Sekolinao **B.** Matoky (BR) – Mamo tapany **D.** Lanitra mangamanga **E.** Azera – Anaty rano **F.** Taova – Mpanjaka **G.** Iray sy iray – Matoan-janaka (Miv) **H.** Niahy **I.** Solfa (Miv) – Karazana lasopy (Miv) – Mitsipaka (Miv) **J.** Nalentikay **K.** Heriny sy ny tanjany

### Valiny Teny mifanaraka 0299

**Mitsivalana**

**1.** Fitaratra **2.** Anarana - La **3.** Naoty - Am (Ma) **4.** (A)li(na) - Atih (Hita) **5.** Siaka - Sav(a) **6.** Mody **7.** Nanontany **8.** Analo (Olana) **9.** Aretina **10.** Lio - Nanao

**Mitsangana**

**A-** Fantsona **B.** Ina - Anay **D.** Taolagnaro **E.** Artik (Kitra) - Elo (Miv) **F.** Ray - Ainot (Tonia) **G.** An (Na) - In **H.** Ta(ny) - Maina **I.** Ison (Nosy) - An (Na) **J.** Alahady **K.** Am - Sy - Afo


TAHIRY
NY RINA
RANDRIAMASINORO
FIDIO 2
27 NOVAMBRA
HO BEN'NY TANANA
AN' ANTANANARIVO
2
TIM
TIAKO I MADAGASIKARA
Amboary ny lalana eto Madagasikara
RANDRIAMASINORO Tahiry Ny Rina